# Ilay Voa Tsara Nafafy 22 Desambra 2018

**22** **Asabotsy**
desambra

**Jehovah, Tomponay ô, endrey ny voninahitry ny anaranao amin'ny tany rehetra ! Nataonao eny amin'ny lanitra ny voninahitrao.** Salamo 8. 1

**Akory re ny haben'ny zava-tsoa … izay nataonao … ho an'izay mialoka aminao !** Salamo 31. 19

**Andriamanitra Tsitoha**

*Andriamanitra Tsitoha ô, rehefa sainiko*
*Izao tontolo rehetra noforonin'ny herinao izao :*
*Ny lanitra manga, ireo tselatra, ny kotroka,*
*Ny maraina mazava na ny aloky ny hariva…*
*Dia mihira ny tenako manontolo hoe :*
*„Lehibe Ianao, ry Andriamanitra Tsitoha !"*

*Rehefa mitsangantsangana ao an'ala aho*
*Ka mahare ny vorona rehetra mihira,*
*Sy eny amin'ireo havoana, ny loharano*
*Mihira moramora sy am-pilaminana…*
*Dia sambatra ny foko mihiaka hatrany hoe :*
*„Lehibe Ianao, ry Andriamanitra Mpahary !"*

*Fa rehefa sainiko ilay zava-miafina avo indrindra*
*Hoe Andriamanitra lehibe toy izany no mihevitra ahy,*
*Ka ny Zanany malala no nitondra ny fahoriako,*
*Ary izaho mpandova Ilay Mpanjaka lehibe…*
*Dia mamerina andro aman'alina ny foko hoe :*
*„Tsara indrindra Ianao, ry Andriamanitra fitiavana !"*

*Rehefa hitsangana avy eo amin'ny sezafiandrianany*
*Ilay Mpamonjiko mamirapiratra hazavana,*
*Ary hilaozako ireo fangirifiriana eto an-tany,*
*Ka hahita ny hatsaran'ny lanitry ny Tompoko aho…*
*Dia hamerina hiteny, ao amin'ny fonenany,*
*Hoe : „Tsy misy lehibe noho ny fitiavanao !"*